MPIOFANA TAMIN'NY CRINFP 2018-2020

Tsy mbola nahazo ny fifanarahan'asany 7 volana aty aoriana

Mitaraina amin'ny tompon'andraikitra, indrindra amin' ny ministeran'ny fanabeazam-pirenena mpiahy azy ireo, ireo mpianatra niofana ho mpampianatra tao anivon'ny CRINFP (Centre Régional de l'Institut National de Formation Pédagogique) manerana ny Nosy. Hatreto tsy mbola voarain'ireto mpampianatra CRINFP ireto, izay nahavita fiofanana ny taona 2018-2020, ny fifanarahan'asa (contrat de travail) an'izy ireo, kanefa, raha araka ny nampanantenaina, dia tokony ho tamin'ny fidiran'ny mpianatra farany teo iny no nozaraina izany fifanarahan'asa izany.

Ankehitriny tsy mbola misy mpijery izahay, hoy ireto mpampianatra vao nahavita fiofanany ireto. Sahiran-tsaina arak'izany izy ireo, ary mahatsiaro tena ho natao ankilabao, satria tsy misy fanazavana voarainy avy amin' ny tompon'andraikitra.

Ny ministeran'ny fanabeazam-pirenena etsy Anosy.

"Nanaraka fiofanana nandritry ny 2 taona izahay, izay nanomboka ny volana oktobra 2018 ary nifarana ny volana oktobra 2020. Raha ny tokony ho izy dia tokony samy nandray tambin-karamany (indemnités) ny tsirairay nandritra izany, kanefa tsy nahazo ary tsy nandray na ariary aza. Tamin'ny volana septambra 2020 farany teo iny, raha mbola tao anaty fanaovana boky mirakitra ny asam-pikarohana nataony nandritry ny fiofanana izy ireo dia nilaza ny tompon'andraikitra eny anivon'ny ministera, fa tsy maintsy manatitra antontan-taratasy fandraisana ho mpiasampanjakana (dossier de recrutement). Ankehitriny anefa, 7 volana aty aoriana, tsy mbola misy resaka momba ny fifanarahan'asa (contrat de travail) io", hoy ireto mpampianatra maromaro vao nahavita ny fiofanana teny anivon'ny CRINFP ireto.

Mitaraina arak'izany ireto mpampianatra vao nivoaka ny CRINFP (Promotion 2018-2020) ireto fa mijaly izy ireo, tsy manam-bola, tsy nandray fanampiana, tsy misy sakafo, satria nianto-tena nandritry ny 2 taona be izao, fa tsy mba nisy fanampiana na vatsim-pianarana (bourse) nomen' ny fanjakana.

Ny teny anivon'ny INFP (Institut National de Formation Pédagogique), izay miahy ireo CRINFP isam-paritra kosa nilaza, fa tsy miankina amin'ny INFP ny famoahana ny fifanarahana asa (contrat de travail), fa miankina amin'ny DRH (Tale miahy ny mahaolona) an'ny ministeran'ny fanabeazam-pirenena. Ny vatsim-pianarana sy ny lafiny aratsosialy dia mbola ny ministera foibe ihany koa no misahana izany, hoy izy ireo.

Stefa

AFK- Antso Fiarahamonina Kristiana

Nahemotra ny "Symposium" nokasaina natao

Noho ny toe-draharaha misy eto amin'ny firenena, sy ny fiparitahan'ny valanaretina Covid-19 andiany faharoa sy amin'ny endriny vaovao, dia nahemotra ny "Symposium" izay saika notanterahin'ny AFK, na ny Antso Fiarahamonina Kristiana, saika natao ny 15 sy ny 16 Aprily 2021 teo, tao amin' ny "Le Pavé" Antaninarenina. Na eo aza anefa izany dia hisy ny fampitana izany amin'ny alalan'ny tambazotran-tserasera, ho an'ireo rehetra izay liana sy vonona ny amin'izany. Antenaina ny hanatanterahana mivantana ny "Symposium" amin'ny fotoana manaraka.

Marihina, fa izao "symposium" izao dia hetsika faharoa lehibe tanterahina taorian'ny Loabariandasy natao ny sabotsy 27 Febroary tontolo andro lasa teo, tao amin'ny "Le Pavé" Antaninarenina ihany. Loabariandasy izay nametrahana ny vina iraisana manerana ny firenena. Vina napetraka ny: Madagasikara dia ho lasa Fiarahamonina misy firaisan'aina (Symbiotique) sy mampisy firaisan'aina (symbiotisant).

Tsiahivina fa ny Antso Fiarahamonina Kristiana dia fikambanana misehatra eo anivon'ny fiarahamonina, ho fampandrosoana ny firenena. Misokatra ho an'ny rehetra noho izany ny fikambanana, na eny anivon'ny fitandremana, ny Orinasa, ny "ONG", sns... Tsara ny manamarika fa tsy antoko politika na antokom-pivavahana velively ny Antso Fiarahamonina Kristiana.

Nangonin'i Aris

Barea an'i Madagasikara

Mbola tsy tara raha izao no esorina i Dupuis



Mbola mitohy ny resabe eo amin'ny baolina kitra, indrindra ny mahakasika ny ekipam-pirenena Malagasy dia ny Barea an'i Madagasikara, tao aorian'ny tsy nahatafakatra antsika ho amin'ny dingan'ny famaranan'ny CAN 2022 hatao any Cameroun. Araka ny fanehoan-kevitra voaray, mbola tsy tara, na tsy tratra aoriana ny tompon'andraikitra eo amin'ny baolina kitra eto Madagasikara, sy ny ministera tompon'andraikitra dia ny ao amin'ny ministeran'ny fanatanjahantena, raha izao no esorina ny mpanazatra Nicolas Dupuis, noho ny tsy fahombiazany nisesisesy farany tamin'ny fitantanana ny ekipam-pirenena Malagasy, ka nampihintsana antsika tamin'izaany CAN 2022 izany, izay nantenain'ny rehetra tokoa. Eo amin'ity sehatry ny baolina kitra ity, fomban'ny firenena efa mandroso eo amin'ny kitra ny manala avy hatrany ny mpanazatra tsy nahitam-bokatra.

Ny an'ny sasany aza aorinan'ny 90 min mihitsy dia mifampitsodrano. Vola no miala ary vokatra no tadiavina, ka rariny raha tsy mitsitsy ny olona eo amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Ny antsika, olona efa lalao 6 no nitondrana tsy fahombiazana dia mbola fikirina ihany. Mbola amin'ny volana jona any vao hiatrika ny fifanintsanana amin'ny Mondial ho avy eo amin'ny baolina kitra indray ny Barea ao amin'ny vondrona misy azy, noho izany, mbola tsy tara isika raha amin'izao fotoana izao no manala an'i Dupuis, ka mijery mpanazatra tsaratsara kokoa indray, na teratany Malagasy io, na vahiny no hisolo azy dia tokony hety avokoa.

Lita

Sekoly tsy miankina

Misy tsy mihevitra ny olan'ny ray aman-drenin'ny mpianatra

Nanao hetsika fitakiana ny amin'ny hijeren'ny fanjakana ny sekoly tsy miankina, ireo tompon'andraikitra samihafa eo anivony tamin'ity herinandro ity. Anisan'ny anankiray notakian'izy ireo ny tokony hanokafana ny sekoly, fa ezahiny ny amin'ny fanajana tanteraka ireo fepetra sakana ara-pahasalamana, hiadiana amin'ny fihanaky ny valanaretina covid-19 andiany faharoa ary amin'ny endriny vaovao. Tsara amin'ny ankizy mpianatra ny mandeha mankany an-tsekoly, hoy izy ireo, noho ny ijanonany ao an-trano, satria tsy ho voafehy na tsy ho voaara-mason'ny ray aman-dreniny tanteraka. Mety hahita dia hafa tsy hahasoa azy ihany koa ireo ankizy, raha ny nambara.

Mety ho marina ihany izany amin'ny lafiny iray angamba, fa ho an'ny ray aman-drenin'ny mpianatra maro dia tsy miombon-kevitra amin'izany loatra. Manana olana lehibe ny ray aman-dreny hatramin'ny taon-dasa nidirana tamin'ny fihibohana, tamin'ny herintaona toy izao indrindra. Maro no sahirana mafy arapivelomana, satria nikatso avokoa tamin'ny ankapobeny ny fihariana sy ny fiveloman'ny vahoaka. Nisy aza tany amin'ny karama fandraisany isam-bolana mihitsy no voadona mafy, raha tsy antsasany dia tsy nandray mihitsy. Tsy te-hahalala izany ireo tompona sekoly, na talen-tsekoly sasany, fa tsy niahotra ny nitaky ny saram-pianarana nandritry ny volana maro tsy nianarana izy ireo. Izay tsy mahaloa dia tsy mahazo bulletin ny zanany ary tsy omena ihany koa ny dosiény raha hifindra sekoly. Sekoly maro no niray loha tamin'izany.

Ankehitriny, miendrika hiverina indray io sary io. Izany hoe, mitaky saram-pianarana ny sekoly na dia tsy mianatra aza ny mpianatra. Mody sarontsaronana amin'ny hoe: fakàna devoara any am-pianarana sy fanomezana bulletin. Tsy mbola afak'olana anefa ny ray amandreny amin'ny fahasahiranana teo aloha, sy indrindra amin'izao krizy vaovao sady mafy ara-pahasalamana izao. Ny kendren'ireo sekoly tsy miankina dia tsy misy afa-tsy saram-pianarana, ary tsy mahalala afa-tsy vola ireo, hoy ny ray aman-dreny maro. Vola aloha vao fampianarana ny azy ireo. Niaraha-nahita tsara izany fihetsika nataon'ireo izaany tamin'ny taom-pianarana lasa, na teo alohan'izay. Tsy nohenoin'ireo tomponandraikitry ny sekoly tsy miankina maro ny fitarainan'ireo ray aman-dreny sahirana. Nisy mihitsy ireo nanao teny an'avona namaly ny fanontaniana na fiangaviana tamin'ny fihaonana natao. Dia ahoana marina moa izany ny fipetraky ny zava-misy ankehitriny? Efa mba nandini-tena momba izany ve ireo sekoly tsy miankina? hoy ny teny avy amin'ny ray aman-dreny.

Sôh'son

Tra-doza lava izy mivady

« Pouvoir manokana » no nanavotra azy

Isaky ny mandeha fiara izy mivady, dia na tratry ny loza, na ny fiara entina no "panne" an-dàlana. Rehefa tsy izay indray, dia na ilay mpamily no marary, na ny olona entina ao anatiny no marary na milaza fa misy olana ka tsy maintsy miverina. Intelo no nitranga tamin'izy mivady isaky ny mandeha "voyage" any amin'ny faritany na mitondra entambarotra izy ireo. Indraindray aza dia misy manakana fotsiny izao nefa tsy fantatra ny antony fa milaza fa mila vola, na zavatra hafa mihitsy no ambarany amin'izy mivady. Raha vao tsy manome anefa ianao dia misy tranga mahazo indray, ary saika miafara amin'ny fahafatesana foana indraindray noho ny tahotra sy ny zavatra mitranga . Indray andro aza dia izy mivady mihitsy no voasakana teny an-dàlana ary lasan'ny jiolahy daholo ny vola sy ny firavaka ary saika nafoy hatramin'ny ainy mihitsy aza. Tao anatin'ny telo volana dia ratsy foana no nitranga taminy ary saika fay tanteraka izy ireo raha tsy nisy olona nanoro hevitra azy mba hamonjy sy maka fiarovana satria raha izao no mitohy dia mety hafoy hatramin'ny ainy mihitsy aza. Io vehivavy io no nanoro azy ny nomeraon'i Madame Noelah 03313 090 13 sy ny 03461 328 62 ary ny 03260 479 94 mpitsabo eny amin'ny 67 Ha atsimo eto Antananarivo. Ny ampitso ihany dia nihaona izy telo mianaka.

Fandraraka narahana tsy mihoa-bonga no nahazo azy mivady

Izao no lazaiko anareo hoy ity mpitsabo ity vantany vao nihaona izy telo mianaka: manana ianareo ary fantatry ny olona fa sady tia fihavanana no mampisambotra ihany koa, ka nisy mpiara-monina aminareo ihany no namosavy anareo hoy izy satria samy mpanao varotra sy mitety faritra ianareo, fa ny azy tsy mandeha nefa ny anareo dia misosa sy tsy misy olana mihitsy. Ny sakana sy ny mosavy ihany no hitan'izy ireo fa vaha-olana hoy ity mpitsabo ity ka fandraraka sy tsy mihoa-bonga no nataon'izy ireo mba hamelezana anareo roa. Hokarakaraiko ianareo hoy izy ary hodioviko sy omeko fanefitra. Herinandro ihany no omeko anareo hoy izy dia miverena raha misy zavatra hafa mitranga. Vao nampiasaina anefa ilay fanefitra, vao narahina ny toromarik'ilay mpitsabo dia niova ny rasa. Vao niainga fotsiny izy roa nandeha Toamasina dia tonga soa-mantsara, vao niverina dia tsy nisy olana koa. Tsy vitan'izany, fa tsy nitranga intsony ny sakana sy aretina zatra mpahazo azy roa teo aloha fa salama sy tomady tsy nisy nisakana ary izay nitady hanao ratsy aza dia vaky mitsoaka moramora raha vao ny fiaran'izy roa no mandalo. Tafiditra tsara ny vola, izy roa salama tsy misy nikitika ary izay rehetra natao taorian'izay dia mety avokoa. Ilay olona noheverina fa nanao ilay zavatra dia kaodikaody sy tsy te-hijery azy intsony satria ireo no namosavy, saingy tsy nahavoa satria sendra ny mahay azy ka nenina sisa satria saika hamono biby tsy nahafaty ka matahotra ny hifoteran'ny rambony.

Ny Akama